

## DIKAN-TENY MALALAKA AVY AMIN'NY TENY EVEKA AO AMIN'NY OLO ARAIKY LAHARANA FAHA-6

Ny tanjon'ny gazety Olo Araiky gazety kelintsika eto amin'ny diosezy dia ny mba hampahafantatra amin'ny fomba tsotsotra ny fiainan'ny Eglizy aty amin'ny tapany avaratry ny Nosy ity. Mampalahelo anefa fa maro ireo olana nosedraina indrindra indrindra fa ny lafiny teknika ka nahatonga ny fishehoany niato nandritra ny fotoana vitsivitsy.

Soa ihany fa teo ny Olo Araiky Facebook sy ny trano-kala OLO ARAIKY <http://www.dioceseantsirananaoloaraiky.com/> nanentsina izany fahabangana izany ary afaka niseho ara-dalàna sy ara-potoana. Toloranay fisaorana lehibe eto ireo manam-pahaizana manokana (mpaka sary sy feo,...)noho izy ireo nampita faran'izay haingana ary ara-potoana ireo trangan-javatra rehetra niseho. Ezaka lehibe no nataon'izy ireo raha mitaha amin'ny fitaovana ampiasainy izay sady tsy zarizary no tsy ampy.

Koa satria nisy trangan-javatra maromaro niseho hatramin'ny nisehoan'ny gazety Olo Araiky farany izay tsy ho azonay tantaraina an-tsipiriany etoana sahala amin'ny mahazatra dia mangataka anareo izay afaka hitsidika ny trano-kala na ny facebook izay voalaza ery ambony.

Ny famoahan'ny Papa François ny Encyclique *Laudate Si* azo lazaina fa manakahery sy manamafy tokoa ny ezaka ataon'ny diosezy amin'ny tetik'asa " diosezy maintso", ary mitondra amin'ny fampandrosoana feno tanteraka ho fampiroboroboana ny fiaraha-monina mirindra mitandro ny zavaboahary sady manome fahafahana ny rehetra, indrindra ireo mahantra mba higoka sy hisitraka ny harena voajanahary ary antokin'ny fahombiazan'ny fitoriana ny vaovao mahafaly miainga avy any am-potony.

Amin'ny maha tompon'andraikitra voalohany ny diosezy ny tena dia faly maneho fisaorana manokana an'ireo sampan'asa sy olona izay nanolo-tanana hanampy sy hiaraka amintsika amin'ny fametrahana io tetik'asa io. Tsy hotononina tsirairay eto izy ireo fa mahalala tsara raha vao mamaky izao lahatsoratra izao. Tena sarotra ny ady atrehina ary lava ny lalana izay aleha nefo mino aho fa raha miaraka isika dia ho tratra ny tanjona ho tombotsoan'ny faritra sy ireo havantsika mahantra. Satria raha mampianatra antsika ny Papa ao amin'ny Antsiklikia dia manamafy sy manome lanja tokoa ny toeran'ny fanabeazana sy ny fianakaviana. Tsy mahagaga izany satria mifameno ary tsy afa-misaraka ireo roa ireo.

Ho teny fampidirana an'ity laharana vaovao ity no sady ho fanomezm-boninahitra ny " Antsa ho an'ny zavaboahary" (Ansiklikia farany nosoratan'l Papa : "Laudate Si") ,dia mamelà ahy ianareo hindrana andala-

teny vitsivitsy nalaina tao amin'ny *Laudate Si*: " Ny fanabeazana izay miezaka hahatonga olo-pirenena mandala ny tontolo iainana" dia matetika voafetra fa mijanona ho fampahafantarana fotsiny, tsy mitondra mankany amin'ny fahazarana miteraka fihetsika izay zary fanao andavanandro. Tsy ampy velively raha ny didy aman-dalàna fotsiny no eritreretina hanakanana amin'ny fotoana maharitra ireo fomba ratsy fahita amin'ny fiaraha-monina. Fa raha tiana hanome vokatra matomboka sy maharitra ny lalàna dia tsy maintsy folakevitra ny maro eo anivon'ny fiaraha-monina ka mankato azy ary mikatroka entanin'ny fiovana ny tsirairay.

Amin'ny alalan'ny fambolena toe-panahy lavorary matotra tsara irery ihany no hany mitondra amin'ny fanoloran-tena mitarika amin'ny firotsahana hikolokolo ny tontolo iainana ..... Amin'ny alalan'ny asa madinidinika isan'andro nefo mendrika no entina miaro ny tontolo iainana... Mahatalanjona izay mety ho vita ny fanabeazana amin'ny fampirisihina izany asa madinidinika izany ka zary fomba fainana ...

Maro ireo toerana fanabeazana : any an-tsekoly, eo anivon'ny fianakaviana, amin'ny alalan'ireo serasera, ny katesizy sy ny sisa.

Ireny fanabeazana tsara tany sekoly mbola tamin'ny faha kely ireny dia tahaka ny famafazana voan-kely izay mety iteraka vokatra haharitra mandritra ny fiainana manontolo. Na izany aza dia tiako ny manipika ny lanja manokana ny fianakaviana satria izy ny ivo toerana izay mety handraisana tsara ny aina, fanomezan'Andriamanitra ary hiarovana azy eo anatrehan'ireo ady famelezana tsy maintsy etrehina etsy sy eroa, io ihany koa ny ivo toerana izay hampivelatra azy araka ny filan'ny fitomboan'ny mahaolona tena izy. Eo anatrahan'ny tontolom-piaianana mikolokolo fahafatesana dia ny fianakaviana no ivo toerana mitondra amin'ny tontolom-piaianana miaro ny aina ". Ao amin'ny fianakaviana no toerana ambolena sy ampitsirian'ny fitiavana voajanahary voalohany sy ny fiarovana ny aina, ohatra amin'izany ny fampiasana aradrariny ny zavatra iray, ny filaminana sy ny fahadiovana, ny fanajana ny tontolo iainana misy eo an-toerana sy ny fiarovana ny voaary rehetra nataon'Andriamanitra.

Ny fianakaviana dia toerana fiofanana tena feno, ao no miseho ireo endrika maro izay mifampiankina tanteraka ka mahatonga ny fahamatorana ara-tsaina eo amin'ny olona iray. Ao anatin'ny fianakaviana no ianarana ny fangatahan-dalana am-panajana, ny fitenenana hoe "misaotra" na dia mba ho fampisehoana fotsiny ny lanja omena ilay zavatra natolotra ny tena, ao amin'ny fianakaviana no ahafahana mifehy ny herisetra na ny hatendan-kanina,

*ao ihany koa no ianarana mangataka famelan-keloka  
raha misy fahadisoana natao tamin'ny hafa.*

Izany fihetsika kely mendri-panajana izany dia manampy amin'ny fanorenana tontolom-piaínana miaro ny aina ifampizarana sy entina manaja ny tontolo manodidina antsika. (Laudate Si, lah : 211 sy 213).

Ity fanabezana izay torin'ny Papa ity no ezahintsika hapetraka amin'izao fotoana izao amin'ny ilay antsoina hoe "Sekoly maintso", sy "EVA" ary "Sekolin'ireo ray amandreny". Efa betsaka ireo izay efa manohana nefà mbola mafy ny ady ary lavitra ny lalana hahatongavana amin'izany. Andao isika hiara miasa. Ankinintsika amin'ny Tompo izany tetik'asa izany miaraka amin'I Masina Maria Renin'Andriamanitra.

MOMPERA EVEQUE RAMAROSON BENJAMIN MARC, CM

